# Ny Fomba Fampiasan’nyankizy Ny Zavamaniry

Bako Nirina Ranjevasoa

## Fampidirana

Ity fanadihadiana ity dia ampahany amin’ireo fanadiadiana nataon’ireo mpiofana momba ny fifandraisan’ny koltora, ny olona, ny zavamaniry ary ny totolo iainana teto amin’ny fokontany Morarano, kaominina Mahavelona na Foulpointe. Maro ireo fanadihadiana natao fa ity kosa dia mikasika manokana ny ankizy sy ny zavamaniry manodididna azy.

## Tanjona

Ny tanjon’ity fanadihadiana ity dia ny mba hahalalana ny taham-pahafantaran’ny ankizy ny zamaniry sy ny tontolo iainany.

## Toerana

Tao amin’ny fokontany Morarano, kaominina Foulpointe no natao ny fanadihadiana. Tanànan’i Morarano sy Sahamamy no nanaovana azy. Ahitana olona miisa 800 eo ho eo ny fokontany ary mpamboly avokoa ny olona ao.

## Fomba Nentina Nanao Ny Fananadiadiana

Dingana maro no nentina nanatontosa ny asa mba hanatrarana ny tanjona. Tamin’ny andro voalohany dia nanantona ireo olo-maventy tao amin’ny tanàna (tangalamena sy filoham-pokontany) ny mpianatra rehetra. Rehefa vita ny raha koranina dia samy nandeha nanefa ny asa miandry azy avy ny tsirairay.

Ny anay moa dia ny ankizy teo amin’ny telo taona ka hatramin’ny 12 taona teo no niarahana miasa saingy nisy olo-maventy nanontaniana ihany koa mba hahafantarana ny fiovana. Tanàna roa tao amin’io Fokontany no nantonina: Sahamamy sy Morarano. Tamin’ny fikoranana tamin’ireo ankizy madinika tao an-tanàna ny fomba nanatanterahana ny asa. Fanontaniana maro efa nomanina mialoha no napetraka tamin’izany ka ho an’ny zaza madinika dia miaraka nanotaniana fa ny an’ny olo maventy dia natao tsirairay ny fanadihadiana.

Ireto ny karazam-panontaniana napetraka:

1. Inona ny fialambolin’ny ankizy?
2. Ahoana ny fidaolany azy?
3. Inona avy ny zavatra ampiasainy amin’izany?
4. Iza no nampianatra azy ireo izany?

Nojerena lalindalina kokoa ny fomba fampiasan’izy ireo ny zavamaniry ka toy izao ny fizotran’izany:

- Inona ny fahalalany ilay zavamaniry?
- Ahoana ny fomba fampiasany azy?
- Ampahany aiza amin’ilay zavamaniry no alainy?
- Moa ve misy daola ampiasainy amin’ny vanim-pototana manokana?
- Aiza ny toerana angalany azy?

**Correspondence**

Bako Nirina Ranjevasoa, GRENE, Toamasina 501, MADAGASIKARA.
bakoranj@yahoo.fr

**Ethnobotany Research & Applications 3:339-343 (2005)**

- Moa ve misy zavamaniry fady natsy azo ampiasaina?

## Vokatra Azo

***Karazan'olona nadiadiana***

Olona 23 no natonina ka ny 73,86% n'izireo dia ankizy avokoa. Ny Tabilao 1 dia mampiseho ireo karazan'olona nanaovana ny fanadihadiana. Ny ankabeazan'ny olona nanaovana ny fanadiadiana dia zaza avokoa ka ny vavy no maro tamin'izany.

**Tabilao 1**. Fizaran'ny olona nadihadiana isaky ny sokajin-taona.

| | Lahy | Vavy |
|---|---|---|
| Ankizy (latsaky ny 12 taona) | 4 | 13 |
| Olo maventy (mihoatra ny 12 taona) | 3 | 3 |

***Karazana daola fanao***

Maro karazana ireo daola fanaon'ireo zaza tao an-tanàna. Misy anefa ireo nataon'ireo olo taloha tsy ataon'izy ireo intsony ary misy ireo ataony tsy fanaon'ny olo taloha (Tabilao 2).

Noho ny valim-panadihadiana natao tamin'ireo tanàna roa heverinay mifameno dia natambatra ho iray ny vokatra azo tamin'izy ireo.

Efatra ambiroapolo (24) karazana ny totalin'ny daola nikoranin'ireo olo tafaresaka taminay. Ny efatra ambinifolo (14) amin'ireo no mampiasa zavamaniry ka ny 5 daolan'ny zazalahy manokana, ny 1 daolan-jazavavy ary ny 7 kosa iraisan'izy ireo.

**Tabilao 2**. Ireo karazan-dalao misy. (X = mampiasa)

| Lalao | Ankizy | | Olo taloha | | Mampiasa zavamaniry |
|---|---|---|---|---|---|
| | Lahy | Vavy | Lahy | Vavy | |
| Gogosy na saringola | X | X | X | X | X |
| Malaka kitay | X | X | X | X | X |
| Mambokona amin'ny tady | X | X | X | X | X |
| Korokoko na tsidoladola | X | X | X | X | X |
| Baolina | X | | X | | X |
| Bingy | X | X | | | X |
| Mandro | X | X | X | X | |
| Aomby mifampitolona | | | X | | |
| Mamay vay | | X | | X | X |
| Manjono | X | X | X | X | X |
| Mamandrika vorona | X | | X | | X |
| Mitifitra vorona | X | | | | X |
| Sabaka | | X | | X | |
| Bitsilia | | X | | X | |
| Miambina akoho | X | X | | | |
| Radimy | | X | | X | |
| Batone | X | X | | | |
| Mifanenjika | X | X | | | |
| Kanety | X | | | | |
| Tsitranotrano | X | | | | X |
| Bitikilange | X | | | | X |
| Misioka ravina ledisy | X | X | | | X |
| Tsipotitrakanga | X | X | | | |
| Tomobilina | X | | | | X |

***Ny zavamaniry ampiasan'ireo ankizy***

Amin'ireo karazan-daola hampiasain'izy ireo zavamaniry dia toy izao manaraka izao ny fomba fampiasana ireo karazan-javamaniry:

Karazan-javamaniry fito ambiroapolo (27) no ampiasaina amin'ireo efatra ambinifolo (14) karazan-daola voalaza etsy ambony (Tabilao 3). Ny fontsy sy gavo no tena matetika fampiasany, dia avy eo ny ranominty, kinino, volo ary ny rafia. Azo fintinina amin'ny Kisary 1 izany.

***Fampitahana amin'ny daola amidy eny an-tsena***

Araka ny Tabilao 4 dia hita fa vitsy amin'ireo daolan-jaza no hita eny amin'ny tsenan'ny Foulpointe. Ireo hita ao an-tsena anefa lafo vidy tokoa sady tsy dia maro isafidianana.

**Tabilao 4**. Fampitahana ny sandan'ny daola an-tsena sy nataon'ny ankizy an-tanàna.

| Daola | Vita an-tanàna | Amidy an-tsena |
|---|---|---|
| Korokoko | 0 ar | 3 000 ar |
| Fintana | 0 ar | 250 ar |
| Kanety | - | 20 ar |

## Famakafakana Sy Ady Hevitra

Raha ireo valim-panadihadiana ireo no jerena dia hita fa:

- Mampiasa zavamaniry betsaka ny ankizy ary mahafantatra karazankakazo an'ala maro, satria miaina akaiky ny ala.


**Tabilao 3**. Karazan-javamaniry hampiasaina isaky ny daola.

| **Daola** | **Zazamaniry** | **Singa ampiasaina** | **Fomba ampiasana azy** |
|---|---|---|---|
| Gogosy na saringola | Fontsy | Tahony | Hipetrahana dia migorosy mijotso |
| | Voanio | Tahony | Hipetrahana dia mogoroso |
| Malaka kitay | Ranominty | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Kinino | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Albiza | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Gavo | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Arongana | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Kafe | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Voangy | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Soanambo | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Grevilea | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Hazoambo | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Tendrofony | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Hazomainty | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Ampalibe | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Manga | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Volo | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Vombariaka | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| | Pin | Tahony | Ampiasaina ao an-trano |
| Mambokona amin'ny tady | Fontsy | Tahony | Tady |
| | Kinino | Tahony | Hamatorana ny tady |
| | Ranominty | Tahony | Hamatorana ny tady |
| Korokoko | Fontsy | Ravina | Tafo trano sy rindrina |
| | Ranominty | Taolany | Andry |
| | Arongana | Taolany | Andry |
| | Kinino | Taolany | |
| | Voanio | Koro | Vilany |
| | Mangahazo | Ravina | Ro |
| | Akondro | Felany | Hena |
| | Kafe | Ravina | Lasety |
| | Volo | Taolany | Koera |
| Baolina | Voangy | Voany | Dakana |
| Daola | Zazamaniry | Singa ampiasaina | Fomba ampiasana azy |
| Bingy | Fontsy | Taolany | Hivelesana bingy |
| | Hasina | Taolany | Hivelesana ny bingy |
| Mamay vay | Rafia | Raviny | Amboarana tady tady |
| Manjono | Viha | Atiny | Amboarana tadim-pintana |
| | Longosa | Taolany | Amboarana aranjono |

**Tabilao 3** (cont.). Karazan-javamaniry hampiasaina isaky ny daola.

| | | | |
|---|---|---|---|
| Mamandrika vorona | Ampalibe | Dinty | Apetaka ambony kakazo |
| | Rafia | Tady | Fandriborona |
| | Gavo | Taolany | Amatorana ny tady fandriborona |
| | Vary | Voany | Hisarihana ny vorona |
| Mitifitra vorona | Gavo | Tahony | Amboarana filesy |
| Tsitranotrano | Rafia | Baobaondrafia | Amboarana trano kely |
| Bitikilange | Volo | Taolany | Asarona lavaka |
| | Gavo | Taolany | Amatorana ny tady kely |
| Mitsioka ravina ledsy | ledsy | Raviny | Tsofina |
| Tomobilina | Fontsy | Taolany | Amboarana vatany |

- Ny karazan-daola korokoko dia nampiseho ny fomba amam-piainan'izy mianakavy ao an-trano. Hita ary fa mahalala ny asa aman-draharaha sahady ao an-tokatrano sy ny atao any an'ala ny ankizy. Ahazoana fahalalana maro momba ny fiainana ankapobeny ny ankizy satria manana fahalalana maro momba izany izy ireo.
- Eny amin'ny manodidina (alan-kafe, savoka) ihany no akana ireo zavatra ampiasainy ireo satria araka ny nambaran'izy ireo dia tsy azo hidirana anaty ala fa mampigadra.
- Na dia misy tsy mitovy aza ny daolan'ny olo taloha sy ny zaza ankehitriny dia hita fa mitovy ihany ny karazan-javamaniry ampiasaina satria ireo zokiny teo aloha ihany no nampianatra ny zandriny ny daola. Vokany, mitohy amin'ny taranaka maro ny karazan-daola. Midika izany fa miampita amin'ny taranaka ny fahalalan'ireo olo taloha.
- Fadin'ny ao an-tanàna ny midaola ravim-pontsy maintso sy voangy maitso rehefa midona ny andro fa mandatsa-baratra ao an-tanàna




**Kisary 1**. Ny taham-pampiasana ny zavamaniry. [1. Fontsy (*Ravenala madagascariensis* Adans.), 2. Voanio (*Cocos nucifera* L.), 3. Ranominty (*Tetranthera laurifolia* Jacq.), 4. Kinino (*Eucalyptus* sp), 5. Albiza (*Albizzia* sp), 6. Gavo (*Psidium cattleianum* Sabine), 7. Arongana (*Harunga madagascariensis* L.), 8. Kafe (*Coffea canephora* var. *robusta* (Linden) A. Chev.), 9. Voangy (*Citrus* sp), 10. Soanambo (*Arthrocarpus incisus* (Thunb.) L.f.), 11. Grevilea (*Grevillea banksii* R.Br.), 12. Hazoambo (*Xylopia* sp), 13. Tendrofony (*Calantica* sp), 14. Hazomainty (*Diospyros* sp.), 15. Ampalibe (*Artocarpus integrifolia* L.f.), 16. Manga (*Mangifera indica* L.), 17. Volo (*Bambusa* sp), 18. Vombarika (*Anacardium occidentale* l.), 19. Pin (*Pinus* sp), 20. Mangahazo (*Manihot esculenta* Crantz), 21. Akondro (*Musa acuminata* X*balbisiana* Colla.), 22. Hasina (*Dracaena reflexa* Lam.), 23. Rafia (*Raphia ruffia* (Jacq.) Mart.), 24. Viha (*Typhonodorum lindleyanum* Schott.), 25. Longosa (*Hedychium coronarium* J. König), 26.Vary (*Oryza sativa* L.), 27. Ledsy (*Nephelium* sp)]

- Na dia nanahirana aza ny nanomboka ny fanadihadiana miaraka amin'ny ankizy noho izy ireo saron-kenatra, dia nisokatra ihany ny korana rehefa ela ny ela. Noho izany mila fotoana maharitra sy faharetana ny fiaraha-miasa amin'izy ireo, ary ny fiarahana nidaola taminy no fomba iray nampisokatra azy ireo.
- Raha araka ny filazan'ny olo maventy dia tsy dia midaola loatra ny ankizy ankehitriny noho ireo taloha satria mianatra sy manao ny asa ao an-tanàna manampy ny ray aman-dreniny no tena mandany ny fotoanany.
- Misy karazan-daola azon'ny ankizy any am-pianarana na avy amin-dramose na avy amin'ny mpiara–mianatra. Ny serasera any an-tsekoly izany dia fitaovana iray azo ampiasana ho fampianarana ny ankizy ny momba ny zavaboahary sy ny fiarovana azy.

## Famarana

Nahalalana zavatra maro momba ny olona ao amin'ny fokontany Morarano ny fanadihadiana natao tao nandritra ny asa fampiharana izay natao tao nandritra ny 3 andro. Ny tena nisongadina tato amin'ity fanadihadiana ity dia ny fahaizan'ny zaza mampiasa ny zavamaniry misy manodidina azy. Mino izahay fa mora ny misarika ny sain'izy ireo ny amin'ny fiarovana ireo zavaboahary ireo satria efa tsapany sahady fa ilaina tokoa amin'ny fiainana andavanandro izy ireo.

## Fisaorana

Eto izahay dia misaotra ireo rehetra nanampy tamin'ity fanadihadiana ity:

- Ireo Mpampianatra, Profesora Will McClatchey sy ny mpanampy azy Lisa
- Ireo namatsy ny fampianarana
- Ireo Tangalamena,lehibem-pokotany sy ny fokonolona tao Morarano sy Sahamamy.
- Ireo ankizy rehetra; Rodin, Mena, Telo, Veo, Neny, Kila, Noro Pintsa, Bruno, Claudia, Boris, Gervais, Nirina sy ireo ankizy namany ary ireo ray aman-dreny.

Misaotra betsaka antsika jiaby!



Ankizy manao Korokoko.

Bako mijery ireo ankizy milalao tao Sahamamy (mambokona amin'ny tady.

